Fiteny tiorka

Türkçe dili Fiteny tiorka	
Isan'ny mpiteny	77 tapitrisa
Faritany	Torkia
Sata	Ofisialy ao Torkia, ary ny faritra avaratr'i Endrika:Kipra

Ny **fiteny tiorka** dia fiteny tenenina ao amin'ny Repoblikan'i Torkia, Kipra, Bolgaria, grisy ary firenena hafan'ny Empira Otomana, ary koa fiteny fampiasan'ireo mpifindra monina antapitrisany ao Eoropa.

Nosoratana tamin'ny alalan'ny abidy arabo ny teny tiorka nandritry ny arivo taona mahery (900-1928). Tamin'ny 1928 dia nosoloin'i Mustafa Kemal Atatürk ho abidy latina ny abidy anoratana azy. Noheverin'ny governemanta tiorka fa nilaina izany fiovana izany mba hampitomboana ny tahan'ny olona mahay manoratra sy mamaky teny, satria noheverina fa sarotra ianarana ny abidy arabo tamin'izany fotoana izany. Nitombo be tokoa ny tahan'ireo olona mahay mamaky sy manoratra taorian'ny fiovana, avy any amin'ny 20% izy dia lasa nitombo tany amin'ny 90%.

Jereo koa

- Fiteny ao Eoropa

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_tiorka&oldid=694192"

Voaova farany tamin'ny 27 Desambra 2014 amin'ny 15:14 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.